
# Mihazakazaka be ny fotoana!




### Ity dia famintinana fohy ny fijoroam-bavolombelona nataon'I Victoria Nehale

Teraka sy lehibe taty Namibie aho ary nanolotena ho an'I Jesosy tamin'ny 6 Febroary 2005. Betsaka ny zavatra nasehon'I Jesosy Kristy Tompo ahy tany amin'ny tontolo ara-panahy; anisan'izany ny diako in-2 tany amin'ny helo.Nasain'ny Tompo nozaraiko amin'ny olona izany traikefako izany.Nampitandrina ahy koa izy tsy hanampy na hanala amin'izay efa nasehony sy nolazainy tamiko.Talohakelin' ny nanoratana ity boky ity, tamin'ny faran'ny taona 2006 dia efa novangian'I Jesosy Kristy Tompo in-33 aho.Isaky ny namangy ahy izy dia niteny foana rehefa handeha hoe:

***Mihazakazaka be ny fotoana!***

www.DivineRevelations.info/MALAGASY

## Diako voalohany tany amin'ny helo

Tamin'ny faran'ny herinandron'ny 23 Joly 2005, nandeha fiara karetsaka tamin-dàlana tokony ho antsasakadiny aho avy any Ondangwa toeram-ponenako sy iasako, ho any ambanivohitray handany ny faran'ny herinandro miaraka amin'ny Ray aman-dreniko. Teny am-pandehanana aho dia nahatsapa fa hisy zava-miavaka tamin'io andro io.Tokony ho tamin'ny 6 hariva aho no tonga, ora fikarakarana sakafo.Tao an-dakozia niaraka tamin'ny fianakaviana aho, nitsotsotra teo ambonin-dambahoany efa tota iray raha nihira hiran'ny sekoly alahady ireo zana-kavako.Tampoka teo, nandre hosotra mavesatra aho, nalemy tanteraka, nivoaka tao an-trano tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra.Indro lehilahy iray, mitafy akanjo fotsy misy fehiny mitovy loko aminy, nanatona teo amin'ny toerana natoriako. Nisy taratra mazava toa avy eny aminy.Manao kapa mivolon-chocolat izy; mitovy amin'ny olona avy any amin'ny faritra "moyen orient" ny endriny.Tsara sy malefaka ny hodiny.Malefaka sy feno voninahitra ny tarehiny saingy tsy sahy nijery azy tamin'ny masony aho.Nony niteny izy dia tsara sy malefaka ary feno voninahitra ny feony nefa toy ny mibaiko; feno onjam-pitiavana miainga avy eny aminy.

Natsotrany ny tànany handray ahy avy teo amin'ny natoriako. Tampoka teo, tao anaty vatana niova endrika sy kanto aho.Mitovy endrika tamiko fony izaho 18 taona. Nitafy akanjo fotsy misy fehiny fotsy aho. Na fotsy koa azan y akanjoko dia tsy nitovy amin'ny akora nanamboarana ny an'ilay lehilahy. Ny azy vita amin'ny "la soie » mangiranabe tsy haiko faritana.

Hoy izy tamim-peo malefaka feno fitiavana: *"**Victoria, 'Ndao hiaraka amiko; Hasehoko zava-mahatahotra ianao; hoentiko amin-toerana iray tsy mbola nalehanao hatrizay niainanao"***.Nohazoniny ny tànako havanana dia lasa izahay.Reko toa nitsingevana aho ka niakatra hatrany izahay.Rehefa elaela dia nahatsiaro vizana aho ka niangavy azy hiverina satria tsy ho afaka hanohy intsony.Kinanjo, nijery malefaka ahy izy sady nanao hoe: *"**Tsy vizana ianao, mbola matanjaka tsara. Hotrotroiko ianao rehefa vizana fa izao ianao mbola salama tsara.Fiadanana ho anao, andao ihany isika handeha."***

Tonga tamin-tany makina tanteraka izahay, ratsy lavitra noho ny tany efitra fantantsika, tsy misy fahavelomana na iray aza.Tsy misy na hazo iray na singan'ahitra, na zavatra velona mba hita. Tena toerana mahatonga faharerahan-tsaina làlina.

Tonga teo amim-bavahady iray izahay.Nitodika taty amiko izy ka nanao hoe: ***"Victoria, Hiditra isika, hampatahotra sy hahasorena anao izay ho hitanao ao.Nefa matokisa fa na aiza na aiza itondrako anao dia ho voaaro tsara foana ianao.Jereo sy araho maso tsara fotsiny izay hatoroko anao rehetra."***
Nangorohoro aho ka nanomboka nitomany.Nandà aho ka niangavy mafy azy hitondra ahy hiverina.Nambarako taminy fa tsy te-handeha aho satria hitako avy taty ivelany izay nitranga tao.Nijery ahy izy sady nanao hoe: ***"Fiadanana ho anao; Miaraka aminao aho.Tsy maintsy miditra ao isika, mihazakazaka be mantsy ny fotoana."***

Nanavatsava ilay vavahady izahay, tsy ho haiko faritana ny haratsin'ilay toerana.Resy lahatra aho fa tsy misy toeran-dratsy mihoatra azy eto amin'ny tontolo misy antsika.Midadasika be izy io ary toa tsapako ho miitatra hatrany hatrany.Toera-maizin-kitroka sady mahamay tsy hay refesina: mbola mahamay noho ny afo mahamay indrindra.Tsy nahita lelafo aho, tsy fantatro koa izay niaviany fa dia may.Feno lalitra araka ny habeny avy io toerana io: maitso, mainty sy volondavenona.Hita ao avokoa rehefa karazan-dalitra.Ankoatr'izay, feno kankana matevina, fohy, mainty, mihanika eny rehetra eny.Nanomboka nihanihan'ny kankana sy nivorian-dalitra izahay.Feno fofona maharikoriko faran'izay masiso io toerana io. Tsy misy teny mahalaza ny faimbon'ny fofona ao, toy ny hena lo saingy avo 100 henin' ny fofon-kena faran'izay lo efa nofofoniko.Io toerana io koa feno gogogogo sy fikotroha-nify

ary hehin-devoly.

Ny tena ratsy amin'io toerana io dia izy feno olona, Betsaka aoka izany tsy voaisa.Miendrika karana izy ireo.Azoko antoka fa olona ireo karana ireo satria nahafantatra havako akaiky sy mpiray tanàna taminay vitsivitsy tao aho.Volon-davenona mainty ny taolany sady makina. Lava sady maranitra toy ny an'ny bibidia ny nifiny.Ngeza sy mivelatrabe ny tata-bavany, lava sy mena midorehitra ny lelany.Lava sy maranitra ny hohon-dratsan-tanany aman-tongony.Ny sasany aza manan-dRambo sy tandroka.

Misy devoly koa mifangaro amin'ny olona: mitovy endrika amin'ny Mamba izy ireo, mandeha tongotra efatra.Mety aminy tanteraka ny any, maneso sy mampijaly ny olona no ataony.Mihorakoraka-pifaliana izy ireo, toy ny mifety; mandihy sy mitsambikimbikina foana.Ny olona kosa amin'izany hita ho ory sy rera-tsaina, tsy manam-panantenana sy tsy afa-manoatra.Mba mihorakoraka koa izy ireo saingy noho ny hirifiry; mitomany sy mikiakiaka ary mikotro-nify izy, ao anaty fanaintainana sy tolokom-pahafatesana tsy hay vinaniana.

Tsy tambo isaina ny olona any saingy hitako mazava tsara kosa fa vehivavy no tena maro. Mitsinjara ho vondrona maromaro izy ireo.Na izany aza anefa, noho ny hamaroan'ny olona dia mbola tsy voaisa ihany ny olona amin'ny vondrona iray.

Ary nentin'ilay lehilahy tamim-paritra antsinanan'io toerana io aho.Nijery ahy izy sady nanao hoe: ***"Victoria, Io no vondron'ny olona tsy namela heloka.Noteneniko im-betsaka tamim-pomba samihafa izy ireo saingy nandà ahy.Navelako avokoa ny fahotany rehetra nefa izy tsy namela ny hafa.Tapitra ny androny ary aty mandrakizay izy, mioty ny vokatry ny asany mandrakizay.Mampalahelo ahy fatratra ny mahita azy ireo mijaly amin'izao toeran-dratsy misy azy izao satria tiako izy."***

Nentina teo amin'ny vondrona manaraka aho.Nolazainy tamiko fa ny olona amin'io vondrona faharoa io dia ireo izay nanan-trosa.Mizara sokajy telo izy ireo.Ny sokajy voalohany dia ireo afaka nandoa saingy nangataka andro lava.Nilaza izy fa handoa rahampitso, amin'ny herinandro ambony, na amin'ny taon-ko avy, mandra-pahatapitry ny androny, ary tonga aty izy izao. Mihinana ny vokatry ny asany aty mandrakizay.

Ny sokajy faharoa kosa dia ireo tsy afaka ary nihevitra handoa saingy natahotra ny mety ho vokatr'izany, raha milaza ny marina mantsy, hono, izy dia mety ho lavin'ny fiaraha-monina na higadra na ho afa-baraka satria ho fantatr'olona izay nataony.Hoy ilay lehilahy: ***"Tsy nisy na iray aza nitady ahy naka torohevitra.Raha mba nanao izany mantsy izy dia ho nomeko vahaolana mora.Nampiasa ny sainy amam-pahalalany izy nefa tsy***

***nanampy azy mihitsy izany.Tapitra ny fotoany ka tonga aty amin'ity toerana ity izay honenany mandrakizay izy, mijinja ny nafafiny."***

Ary hoy indray izy: ***"Ny fahatelo kosa dia ireo tsy afa-nandoa ny trosany, nefa tsy nisy ihany koa, na iray tamin'izy ireo aza nilaza tamiko ny tsy fahafahany manefa ny trosany.Raha nanao izany izy dia ho naloako ny trosany.Mba niezaka koa izy nampiasa ny fahendrena amam-pahalalàny saingy tsy nisy vokany.Izao izy aty amin-toerana hisy azy foana, mihinana ny vokatry ny asany.Marary ny foko mahita azy rehetra ireo satria tena tiako izy."***

Ny vondrona voalohany dia nahitako vehivavy roa havako akaiky sy ankizivavy 12 taona, havako koa.Fantatro ny taonany satria toy izany izy no maty.Tamin'ilay vondrona faharoa koa no mbola nahitako havako hafa sy mpitandrina iray izay fantatro tsara.H i t a k o t a o k o a I Jakes, sipako taloha izay namono tena noho izaho nanolo-tena ho an'I Kristy.Nahita koa aho mpifanolo-bodirindrina tamiko tao amin'ireo vondrona roa ireo.

Fantatro tsara izy ireo talohan'ny nahafatesany, fantany koa aho.Tezitra mafy ireo havako raha nahita ahy ka nanomboka nitabataba sy nanompa ahy; ompa faran'izay tsy fampiseho masoandro.Nilaza ny iray taminy fa tsy mendrika hanaraka ilay lehilahy narahako io aho; notanisainy tamin'izany ireo zava-dratsy nataoko talohan'ny nanarahako dia an'I Kristy.Tsy nandainga izy ireo; marina avokoa izay niampangany ahy.N o l a z a i n ' I Jakes fa azy aho ka tokony ho any amin'ny toerana misy azy satria nanao fahotana mitovy amin'izay nataony.Tamin'ny voalohany ilay mpitandrina dia toa faly sady nilaza fa tsara mihitsy ny nahatongavako nefa niova tampoka raha nahita ilay lehilahy niaraka tamiko ka nanampy ireo hafa koa tamin'ny ozona sy fitenenan-dratsy ahy.Ilay lehilahy kosa nilaza tamiko tsy hiraharaha azy ireo satria, hoy izy, tsy fantany izay ataony.

Natahotra sy nalahelo mafy aho, nangorohoro ny vatako ka tsy afa-nitsangana. Nitomany mafy aoka izany aho.Ary nitodika taty amiko ilay lehilahy, nanafosafo ahy sady nanao hoe: ***"Fiadanana anie ho anao ry Victoria."***Niverina ny tanjako ary nahatsapa fiarovana aho noho ny safosafony.Nolazainy tamiko fa tsy maintsy mandao io toerana io amin'izay izahay ka mody.Nijery ahy izy sady nanao hoe: ***"Victoria, Nasehoko anao izy izay.Misafidiana izay vondrona tianao hisy anao; Anao ny safidy.Tsy maintsy ambaranao izay hitanao sy niainanao nefa tsy azonao ampiana na analana."***

Tsaroako fa niara-nandao io toerana feno horohoro io izahay saingy tsy haiko izay nifandaozanay fa avy eo nahatsiaro tena aho.Nahiratro ny masoko ka indro aho ato amin'ilay vatako indray, tao amin'ny hôpitalin'ny Oshakati.Nisy seraoma ny sandriko

havia ary indro I mama sy mpiara-monina aminay vitsivitsy any ambany vohitra teo anjoron-trano, gagagaga nijery ahy.Hitako tamin'ny endrik'I mama fa avy nitomany izy. Nanontaniako izay nitranga tamiko ilay mpitsabo mpanampy nefa nananihany fotsiny hoe: "Naverina ianao, angamba nisy fahotana mila ibebahanao." Niezaka ny ho tony izy niresaka tamiko nefa hitako ho natahotra hanakaiky ahy.Nasaiko niantso ilay dokotera nikarakara ahy izy.

Rehefa tonga izy dia nilaza fa tsy fantany izay nahazo ahy.Nihevitra izy tamin'ny voalohany fa tratry ny tazomoka aho nefa rehefa nozahana dia tsy izay.Nolazainy koa fa natahorana satria ambany dia ambany ny mari-panako, ny tosi-drako ary ny fitepon'ny foko nefa tsy fantany izay antony.Nolazainy fa tsy misy azony atao amiko; tsy afaka nampidiriny hôpitaly aho satria, hono, tsy marary.Tsy nandaitra tamiko ilay seraoma nampidirina raha tsy rehefa nisokatra ny masoko.Nasainy nasian'ilay mpanampy azy seraoma iray hafa tamiko rehefa lany ilay voalohany mba hampatanjaka tsara ahy rehefa mody.

Nampatahotra ahy mafy izay hitako tany amin'io toerana io ka tsy nitsahatra nitomany aho.Toa mbola reko foana, toy ilay izaho tany, ny fasison'io toeran-dratsy io.Toa hitako miverimberina hatrany io toerana io.Tsy nety nahita tory aho, narary avokoa ny vatako manontolo.Tsapako ho toy ny notapatapahina avokoa ny rantsam-batako, avy eo naverina.Nanaintaina mafy aho.Nivalana sy narary loha mafy aho nandritry ny herinandro.

Nikasa ny tsy hilazalaza izay niainako aho, iza koa moa no hino ahy? Ahoana no ho fahitan'ny olona ahy? Tapaka ny hevitro fa tsy hitantara amin'olona na oviana na oviana izay nitranga tamiko aho.Ary niantso ahy an-tariby ny iray tamin'ireo mpanoro làlana (mentors) ahy telo andro taty aoriana hanontany ny fahasalamako.Nandefasako someso mantsy izy mba hivavaka ho ahy.Tsy nampoiziko akory fa nitantara taminy izay niainako aho.Efa voatantarako taminy ny ankamaroany vao tonga saina aho.Te-hisitrika aho, nitomany satria resy lahatra fa nanao ny fahadisoana faran'izay goavana indrindra tamin'ny fiainako.Efa voatantara moa ilay izy ka tsy nisy hevitra hanafenako azy intsony.Fantatro teo fa rehefa misy tian'ny Tompo hambara dia tsy maintsy voambara.Izy tsinona Andriamanitra rahateo.

Tamin'ny 19 aogositra, raha nifoha aho dia nandre hosotra indray.Nalemy sy nipararetra aho, ary nisy onjan'ny herinaratra nivezivezy tany anaty vatako manontolo.Nony hariva dia nisy hazavanabe tonga tao an-trano ary indro teo afovoany ilay Lehilahy.Tamin'io izy nipetraka teo ambonin'ny seza akaikin'ny fandriako.Tsy fantatro izay niavian'ilay seza fa tonga ho azy teo rehefa hipetraka Izy.Tsara tarehy ilay izy, vita amin'ny volamena tsara; Toy ny seza rehetra ny endriny, misy fiankinana.Misy kintana miraikitra amin'ny tongony tsirai“ay avy sy eo afovoan'ilay fiankinana.Misy kodiarana koa ny tongony.

Rehefa avy niarahaba ahy Izy dia nilaza fa fantany fa manam-panontaniana betsaka ny momba azy

aho, ary tonga izy hanambara ny tenany amiko sy hanazava ny dikan'ny ampahany amin'ny traikefa niainako.Hoy indrindra izy: ***"Izaho no Jesosy Kristy, Ilay mpamonjy anao. Jereo ny tànako raha misalasala ianao.Helo ilay toerana nandehanantsika iny."*** Nojereko ny tànany ka indro holatra teo amin'ilay nisy ny fantsika.
Ry namako isany, te-hilaza aminareo aho fa tsy noforonin'ny eritreritr'olona ny helo fa tena misy ary tsy mahafinaritra.Tsy natao ho an'ny olona izy fa ho an'I satana sy ny anjeliny. Any an-danitra no tena tokony hisy antsika nefa tsy maintsy mifidy an'I Jesosy isika sao ho tara loatra.Anio, Raha mandre ny feony ianao dia aza manamafy ny fonao; raiso Jesosy ho mpamonjy anao manokana mba ho velona ho Azy ianao.Zava-doza mahatsiravina ny helo, feno tahotra sy alahelo; Toeram-pampahoriana feno fitomaniana sy fikotroha-nify.Te-hitaona olona faran'izay betsaka ho any aminy I Satana.Aza miara-miasa aminy; I Jesosy iaraha-miasa mba ho velona ianao fa tsy ho faty.

Tsy azoko ny nahatonga an'I Jesosy nampifidy ahy ny iray amin'ireo vondrona natorony ahy tany amin'ny helo nefa aho efa kristiana nateraka indray.Efa nandray azy tamin'ny fiainako aho nefa mbola nampifidy ahy izy na te-ho any amin'ny helo aho na tsia.Tsy nety azoko.Nanomboka nivavaka aho ny hanomezany ahy fanazavana izay dikan'izany sy izay tiany hataoko.Nambaran'ny Tompo tamiko ***fa mitahiry lolompo sy fankahalàna ny iray amin'ny rahavaviko sy ny 'cousine'ko aho.*** Nifona tamin'ny Tompo aho satria tsy manam-panahy mamela heloka.Nangata-pamelàna tamin'ny rahavaviko koa aho noho ny nitehirizako alahelo sy fankahalàna tao am-poko. ***Nasain'ny Tompo nangata-pamelàna tamin'ny 'cousine'ko aho.***

***Nampahatsiahivin'ny Tompo ahy koa fa tafiditra nampianatra tamin'ny alalan'ny dipolaoma sandoka aho, trosa sy halatra no fahitany izany.*** Tapakevitra aho ny hanao ny marina ka niangavy ny tompo hanampy ahy ka hanome vahaolana mora, heloka bevava mantsy izany ary mampigadra.Nasainy nankany amin'ny biraon'ny fampianarana aho hiaiky izay nataoko.Vonona ny ho any am-ponja aho raha tena tsy maintsy.Tsapako teo izany tena fanampian'Andriamanitra.Nampisafidy ahy ny lehiben'ny fampianarana: na hamerina manontolo ny karama noraisiko tamin'ny governemanta na tsia.Nanome toky ny tsy hitory ahy izy ireo satria talanjona tamin'ny fiaiken-keloko.Ny Andriamanintsika dia mahatoky sy marina amin'ny teniny.

Raha manana olana mitovitovy amin'ny ahy teo ianao dia manaova ny mety hatrany na inona na inona mety ho vokany.Mety hogadraina ianao ety amin'ny fonjan'ny tany nefa mandalo ihany izany.Tsy misy hirifiry sy henatra mihoatra izany hoe tafasaraka amin' andriamanintra mandrakizay.Tsy mahafinaritra ny helo : Aleo tsarain'ny Tompo dieny izao mba tsy ho tara loatra.Tsy tokony hatahotra ny fitsaran'Andriamanitra isika raha mbola

anatin'ny fotoam-pahasoavana : aoka izy hampibaribary ny ratsy rehetra ataontsika raha mbola afaka manitsy ny làlantsika isika satria tsy hisy famelan-keloka intsony any ankoatra.

## Dia faharoa tany amin'ny helo

Tamin'ny 18 oktobra 2005, nifoha aho tamin'ny 5:30 saingy tsy afa-nandeha niasa. Nalemy sy modaka tanteraka aho; tsy afa-nihetsika na nivadika akory teo am-pandriana, navesatra aoka izany ny fanatrehan'Andriamanitra tao an-trano.Nangovitra aho ary feno herinaratra nanerana ny vatako.Tonga ny Tompo naka ahy talohakelin'ny amin'ny 8 satria tamin'ny 07:48 aho no nijery famantaranandro farany, ary taoriana kelin'izay izy no tonga.Niarahaba ahy izy ary nilaza ny handehananay indray satria mandeha haingana be ny fotoana.Nitsangana aho ary nanomboka nandeha izahay.Tsy nitovy tamin'ny hatrizay ny famindranay.Na dia mamindrafindra aza ny ranjonay dia toa mitsingevana kokoa izahay. Teny ampandehanana dia nolazain'I Jesosy fa ratsy avokoa ny fahotana rehetra ary tsy misy fahotana kely sy lehibe***. Ny fahotana rehetra, na kely na lehibe dia mahafaty avokoa. Hamangy ny helo indray izahay hoy ny Tompo ary nanontany ahy izy raha matahotra aho.*** Matahotra aho, hoy ny navaliko.

Hoy izy "**Tsy avy amiko na ny raiko ny fanahin'ny tahotra, fa avy amin'ny devoly.Ny tahotra dia mahatonga anao hanao zavatra hahavery anao any amin'ny helo**."

Tsy afaka hamalifaly an'Andriamanitra ianao raha tsy manam-pinoana ary tahotra no mifanohitra amin'ny finoana.Mazava ho azy fa tsy tian'Andriamanitra ny tahotra satria mandrava ny finoan'ny olona.Nifanao havia sy havanana foana izahay teny an-dalana fa rahefa tonga teo ambavahady kosa dia noraisiny ny tànako ka nohazoniny foana fony tao amin'ny helo izahay.Faly aho satria nanala ny tahotro ny fihazonany mafy ny tànako.Toy ny teo aloha ihany ilay toerana: tsy nisy niova.Nisy lalitra, kankana, hafanana be, fofon-dratsy, karana, tabataba.Tena mitovy amin'ilay nidirako voalohany tao.Niditra tamin'ilay vavahady ratsy tarehy indray izahay ary nentin'ny Tompo teo amim-bondron'olona iray aho.Maro olom-pantatro tao ary mbola velona ny sasany.Miaina fahoriam-be ireo mahantra; mijaly izy ireo ary mitoloko fatratra, fa ny tena ratsy dia ny fahitana ny endriny mitory tsy fananampanantenana.

Ary ny tompo nanondro vehivavy lehibe iray izay fantatro talohan'ny nahafatesany.Matin'ny lozam-piarakodia izy tamin'ny fiandohan'ny 2005.Taitra mafy aho raha nahita azy tany amin'ny helo satria fantatray izy fa natahotra sy tia an'Andriamanitra.Nolazain'ny

Tompo fa ***tia azy io vehivavy io sady tiany; Nanompo azy izy fony tety an-tany; Nitarika olona maro ho an'ny Tompo izy ary nahalala tsara ny Teny.Tsara fanahy tamin'ireo mahantra sy nila vonjy izy; Nalala-tànana izy, nanampy azy ireo tamin'ny fomba rehetra.Mpanompo tsaran-Andriamanitra izy tamin'ny ankapobeny.***

Vao may nanaitra ahy mafy izany tenin'ny Tompo izany ka nanontaniako izy ny antony nanariany olona nazoto tamin'ny fanompoana azy toy izany any amin'ny helo.Sady nijery ahy ny Tompo no nilaza fa nino ny fitaky ny devoly io vehivavy io.Na dia fantany tsara azany soratra masina, ninoany ny laingan'ny devoly hoe misy fahotana be sy kely.Nihevitra izy fa tsy mahavery azy any amin'ny helo ny fahotana ambany sokajy sy kely satria izy Kristiana.

Hoy ihany ny Tompo nanohy, **"Imbetsaka aho no nampitandrina azy nefa noheveriny foana fa kely ny fahotany.Noheveriny ho ny eritreriny manenjika azy ny fampitandremako.Nisy fotoana izy nijanona kely nefa resy lahatra indray fa feon'ny fieritreretany ihany ireo fampitandremako satria, hono, tsy misy dikany izany fahotana izany ka tsy tokony hampalahelo ny fanahy masina."**

Nanontaniako ny Tompo indray izay ota nataon'io vehivavy io ka toy izao no navaliny, ***"Nana-namana mpitsabo mpanampy iray tao amin'ny hôpitalin'ny Oshakati izy. Isaky ny marary izy tsy mba mankany amin'ny hôpitaly mandoa ny saram-pitsaboana toy ny fanao.Raisiny fotsiny ny findainy ary mampaka fanafody ilay namany izy.Manao foana ilay namany ary mampaka azy izay fanafody ilainy amin'ny fotoana iray.Tsy vitan'ny nanaiky ny laingan'ny devoly momba ny fahotana kely sy nandà ny fahamarinako izy fa nampangalatra sy nampanota olon-kafa, fa ny tena ratsy dia izy nampalahelo ny fanahy masina.Izay no nahavery azy aty amin'ny helo.Na nitondra fanahy amanapitrisany ho an'ny tompo aza ianao dia mbola mety ho very noho ny tsy fihainoana ny fanahy masina.Tsy ny famonjena ny fanahin'ny hafa ihany no tokony hanahirana anao fa indrindra koa ny fanahinao.Henoy foana ny feon'ny fanahy masina amin'ny fotoana rehetra."*** Rehefa avy niteny izany ny Tompo dia nilaza ny tokony hiverenanay amin'izay.

Maro ireo kristiana mandre izany no tsy milamin-tsaina.Toy izao foana no fanontanian'izy ireo: "Mba ahoana kosa ny amin'ny fanamarinana, famindram-po sy fahasoavana?" ao koa ny hoe: "Azo eritreretina ve ny mbola hahavotsotra indray ny famonjena anao rehefa avy noraisinao?" "Tsy henjana loatra ve izany?" "Ny tompo ve dia hasiaka be toy izany?"

Eny ary, araka izay efa nolazaiko tamin'ity boky ity tany amin'ny pejy hafa, tsy hampianatra teolojia akory aho.Atoroko anao fotsiny izay nambara sy nampianarin'ny Tompo ahy sy

izay navelany hitranga tamiko. Raha mety dia jereo ao amin'ny baibolinao ny valiny. vakio ireto andininy manaraka ireto, anao ny mamakafaka azy avy eo.

"Fa asiako mafy ny tenako ho mangana ka andevoziko, fandrao, na dia efa nitory tamin'ny sasany aza aho, dia holavina kosa ny tenako." (1Korintiana 9:27)

"Inona ary no holazaintsika? Mbola hitoetra amin'ny ota ihany va isika hitomboan'ny fahasoavana? Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy ihany? (Romana 6:1-2)

"Koa aza avela ny ota hanjaka amin'ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filany." (Romana 6:12)
"Fa raha minia manota isika rehefa nahazo ny fahalalana tsara ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, fa fiandrasana mahatahotra amin'ny fitsarana ary ny fahatezerana mirehitra izay handany ny fahavalo rehetra kosa." (Hebreo 10:26 –27)

Mbola mety ho very any amin'ny helo ve aho na nahatarika fanahy maro aza? Anjaranao ny mitsara!

## Tsy fankatoavana

Tamin'ny alatsinainy 6 martsa 2006, notairin'ny famohamandriko aho tamin'ny 5:30. Nanomboka nivavaka aho ka nahatsapa hosotra mavesatra indray.Nalemy tanteraka ny vatako sady nangovitra aho; nivezivezy tao anaty vatako ny onjan-kerinaratra.

Nony folaka ny andro, raha natoritory teo ampandriako aho dia nahita hazavana be indray tao an-trano.Nisy vakana fotsy boribory bitika kely, mitovy amin'ny lohampaingotra nilatsadatsaka toy ny orana ka nilentika tany anaty hoditro toy ny mifandray amiko.Ankoatr'izay dia nahita rahona toa roatra fotsy aho avy teny ambony; nameno ny trano koa izy io sady niditra lalina tany anaty hoditro.Taorian'izay, indro I Jesosy nanatona ahy avy teo afovoan' ilay rahona toa mandroatra.Nipetraka tamin'ilay sezany izy nanakaiky ny fandriako.Tsy fantatro izay fiavian'ilay seza fa toy ny mahazatra dia vonona tampoka ilay izy rehefa andalam-pipetrahana izy.Vita volamena ilay seza; mitovy amin'ny seza rehetra saingy misy fiankinana.Misy kintana avokoa ireo tongony efatra, ary misy kintana iray lehibe kokoa eo amin'ny fiankinany.Misy kodiarana ihany koa ny tongony.

***Rehefa avy niarahaba ahy izy dia natsotrany ny tànany ka nofohaziny aho satria mantsy, hono, mandeha be ny fotoana.Nosintoniny aho ka nipetraka teo ampandriako.***

Ary hoy izy avy teo, *“***Victoria, ‘ndao hivavaka.”**Ary nivavaka tamin’ny fiteny tsy azoko izy; “Amen” ihany no mba azoko.Nanontany ahy izy izay hitako ka nolazaiko fa mahita olona handeha hiasa aho ary misy efa tonga any ampiasana.Hitako koa ireo vakana miraraka amin’ireo tonga ara-potoana any ampiasana.Ary nisy vondron’olona hafa indray tonga taoriana kely. Talohakelin’ny fotoana nijanonan’ilay oram-bakana.

Nahita vondron’olona hafa koa aho tonga any am-piangonana rehefa alahady. Nanomboka nilatsaka ireo oram-bakana fotsy ho an’ireo tonga aloha.Nitohy elaela aloha dia nijanona avy eo.Tsy mahita na inona na inona intsony ireo tonga farany.

***Nanontanian’I Jesosy aho raha azoko ny dikan’izany fahitana izany,*** tsy azoko, hoy aho. Toy izao no fanazavany tamiko: **“Ny fahitana dia midika hoe, isaky ny misy fotoana tokony hahatongavanao amin’ny toerana iray, ary fantatrao fa tokony ho any ianao amin’io fotoana io dia misy anjely foana mizara fitahiana amin’ireny fotoana ireny.Raha tonga ara-potoana ianao dia mahazo ny fitahianao saingy raha tara kosa dia tsy mahazo satria amin’ireo fotoana ireo ihany no izaran’ny anjely ny fitahiana.Victoria, te hampitandrina anao aho fa tara foana ianao rehefa hiasa, indrindra moa rehefa hiangona.Fantatrao tsara nefa fa tsy misy antony tokony hahatara anao; Tsy azonao intsony ny fitahiana tokony ho azonao tamin’ireny andro ireny; Tsy haverina aminao intsony na oviana na oviana.Aza atao intsony ry Victoria, ajanony, raha tsy hoe angaha manana antony manokana tsy maintsy mahatara ianao.”**

Rehefa avy niteny izany ny Tompo dia menatra te-hisitrika aho ka nanome azy fialan-tsiny azo ekena noho ny tsy fanarahako fitsipika.Nilaza taminy aho fa tara fifohazana nefa nojereny mifanitsy ny masoko aho sady nolazainy fa mandainga fa manana fahazaran-dratsy miverina eo am-pandriana rehefa nifoha, mba hatoritory kely indray mandritry ny minitra vitsy.

Rehefa avy nananatra ahy ny Tompo dia nanao hoe: **“Mitsangana, ‘ndao handeha, misy zavatra tsy maintsy ataontsika fa mandeha be ny fotoana.”**
Tamin’ity indray maka ity dia nentin’ny Tompo tamin-toerana mbola tsy nalehako mihitsy aho; Io koa no voalohany niarahanay tamin’io làlana io.Tonga tamin-jaridaina feno voninkazo sy hazo tsaratarehy izahay.Tsy misy mitaha amin’ny hatsaràny ety an-tany.Isankarazany ny loko marevak’ireo voninkazo.Nipetraka tamin-tseza teo amin’ilay zaridaina izahay.Volamena tsy mitampoka no nanaovana azy, miravaka kintana volafotsy.

Rehefa nipetraka izahay dia nanondro tany aloha izy sady nanao hoe: **"Victoria, Jereo, hitanao ve io tanàna io?**" Rehefa nijery aho dia indro tanàna midadasika sy mazavabe.Tsy hay faritana ny hakantony.Volamena mamiratra aoka izany ny vavahadiny ary nisy lahiantitrabe nipetraka teo am-bavahady.Fotsy lavabe ny volom-bavany ary fotsy koa ny volony.Efa hitako io lehilahy io teo aloha ary rehefa nanontaniako an'I Jesosy dia nolazainy fa I Abrahama ***rain'ny finoana.***

Betsaka ny làlana hitako tamin'io tanàna io izay mirary volamena avokoa.Misy trano mijoalajoala maro mamiratra toy ny volamena, tsy hay faritana ny famirapiratra sy fazavan'io tanàna io.

Nitodika taty amiko I Jesosy ka nanao hoe, "**Ahoana no fahitanao io tanàna io?"**

"Mahafinaritra, hoy aho. Te-ho eny aho." Ary hoy Jesosy: **"Hoentiko eny ianao raha mijanona ho mpankato satria ao no hisy ny tranonao.Manoava hatrany, raha tsy izany mantsy ry Victoria dia ho fanidinan'ny goaika ny tranonao, hofonenan'ny vorondolo sy ho filalaovan'ny angatra.Na izany aza, aza matahotra fa miaraka aminao aho, mankatoava fotsiny.Ireo tsy Mankato dia ho feno goaika manidina ny tranony; Hofonenan'ny vorondolo sy filalaovan'ny angatra."**

I jesosy Kristy dia tena misy, ary tia antsika amin'ny fitiavana tsy hay lazaina, faniriany fatratra ny hifidianantsika ny fiainana ka hiarahantsika aminy mandrakizay.Marary ny fony mahita ireo olona maty ka very any amin'ny helo noho ny fandavana ny famonjena natolony, naleon'izy ireo nifidy ny fahafatesana.

Na kristiana nateraka indray ianao na tsia, ity zavatra iray loha ity ihany no tsarovy :

Mihazakazaka be ny fotoana.
Translated by Hery Rasolofoarinivo